



FANAMBARANA

Nanao valan-dresaka tamin'ny mpanao gazety ny Tale Jeneralin'ny OMH androany hariva, ka tamin'izany no nitondrany fanampim-panazavana misimisy kokoa mikasika ny Naoty n°704/22/OMH izay navoaka androany 30 jiona 2022.

Noraisina iny Naoty iny noho ny antony ara-teknika (HSE), mba hisorohana ny loza mety hitranga vokatry ny fikirakirana sy ny fitahirizana solika amin'ny toerana tsy tokony hanaovana izany, toy ny trano fonenana ohatra.

Tsikaritra mantsy fa betsaka ireo mpanjifa tamin'ny faritra vitsivitsy no nividy solika niaraka amin'ny jerricane na bidon en plastique maromaro, ka nampisavoritaka ny mpanjifa solika hafa.

Tsara ny manamarika fa mety hampidi-doza ny fitahirizana solika ao an-trano noho izy mora mirehitra na mety hipoaka. Ny fanaovana varo-maizina sy ny fanararaotana amin'ny fomba maro isan-karazany ihany koa dia voarara sy sazian'ny lalàna manan-kery.

Nomarihany ihany koa fa mitohy hatrany ny famatsiana solika, ary nisy sambo mpitatitra solika miisa efatra (04) nisesy no tonga tao Toamasina tamin'ity volana jiona ity, ny telo (03) amin'ireo efa lasa, ny faha-efatra kosa eo ampamitana ny fampidinana ny vokatra noentiny.

Raha totaliana dia eo amin'ny 103.000 m³ ny vokatra voaray, noho izany dia betsaka sy ampy tsara ny tahirin-tsoliaka ao Toamasina.

Mizotra tsara ihany koa ny fanapariahana ireo solika manerana ny nosy. Misy tamin'ireo solika tonga ireo no efa tonga any amin'ny toby fitobian-tsoliaka hafa, ary ny sasany dia efa eo andalam-pitaterana azy.

Mikasika ny vidin-tsoliaka manokana dia nanambara ny Tale Jeneralin'i OMH fa tsy misy fiovany ny vidin-tsoliaka hatreto, ary tena mbola ao anatin'ny fifampiresahana ny Fanjakana miaraka amin'ireo mpandrahahara ara-tsoliaka.

Tsy maintsy hisy ny fanambarana ofisialy rehefa tonga ny fotoana hisian'ny fiovan'ny vidin-tsoliaka.

Iangaviana hatrany ny tsirairay mba hanjifa solika araky ny filàny andavanandro.

Ny Fitaleavana ankapobeny